# TORITENY – Alahady fahatelo FIAVIAN'NY TOMPO - TAONA D

***"Izaho manao batemy anareo amin ny rano, fa avy Ilay mahery noho***



***izaho, ary tsy mendrika hanala ny fehikapany akory aho" Lk 3,16a***

Ry Kristianina havana, Alahady fahatelo aminy fahatongavan'ny Tompo isika izao. Tena ivon'ny fiomanana tokoa. Tsy mahagaga raha ireo vakiteny telo androany manasa antsika, raha azo fintinina amin'izany, hivelona sahady, higoka sahady ilay hafaliana raha tonga ny Tompo eo anivontsika. Toa manahirana anefa ny mandinika an'izay satria ireo zava-misy manodidina antsika dia toa mifanohitra amin'izay. Izany indrindra ry Kristianina havana no antony nahatongavan'ny Tompo satria mila azy isika na marimarina tokoa ny fitiavany antsika dia tsy misy fetra ary tsy afaka handao antsika nohariana izy noho ny fitiavany isika. Ka noho ny fitiavany dia tiany ho ao anatin'ny fiadanana isika, ary izay fiadanana izay no entiny eto amintsika. Raha ao anatintsika izay fiadanana izay dia izany no hafaliana.

***VakitenyI** :Sôf. 3,14-18e*
***Tononkira**: Sal 12. 2-3. 4bde. 5-*
***Vakiteny II** : Fil. 4, 4-7*
***Evanjely**: Lk. 3,10-18*

***Mesia, Fiadanana sy Hafaliana***

Nampianarin'ny mpaminany Sofonia izay teo amin'ny nanodidina azy ka hoy izy hoe : "Haneho ny hafaliany lehibe noho ny aminao ny Tompo". Rehefa tonga eto anivontsika ny Tompo dia haneho ny hafaliany izy fa izao anefa ry Kristianina havana, anjarantsika ary tsy mitsahatra aho no mamerimberina an'io indrindra amin'izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao ary miroso amin'ny taon-jaobilin'ny famonjena izao, fa Andriamanitra Ray efa manolotra antsika an'I Jesoa Zanany ka anjarantsika ny manokatra ny fontsika, ny fiainantsika handray Azy. Izany ny anton'izao fiomanana amin'ny Avent izao ary azo lazaina fa avent lehibe koa ahafahantsika mandray izay famonjena entin'I Jesoa ny Sinaody ataontsika izay miara-dalana amin'ny taon-jobily. Fahasoavana miampy fahasoavana izany no atrehintsika izao. Misy akony manokana ho antsika ity Noely 2024 ity. Miomàna àry isika

fa indrindra amin’ny fandraisana ny sakramentan’ny fampihavanana.

Tonga olombelona ny zanak'Andriamanitra mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, izany no ankalazaintsika amin'ny Noely. Takalo sarobidy mihoatra izay mety saintsainintsika olombelona satria ny takalo eo amintsika zavatra mitovitovy. Eto anefa tena samihafa mihitsy satria Andriamanitra nanaiky ho tonga olombelona. Azo lazaina izany fa tena very be Andriamanitra nefa noho ny fitiavana dia mahafoy Andriamanitra ary io fahafoizana no nitondra famonjena ary hafaliana ho antsika olombelona. Izany ihany koa ho antsika no hany làlana tokana tsy azo idifiana, tsy azo ialana, hahatongavana amin'ny tena hafaliana ho antsika. Mino sy matoky aho fa miandrandra izany hafaliana izany isika ka izao taon-jobily izao, izao fiavian'ny Tompo izao hanampy antsika hanova ny fiainantsika, hanova ny fontsika, hanova ny fo amam- panahintsika. Raha miova ny fo ka lasa fon'Andriamanitra dia ho tahaka an'ilay ambaran'ny Sofonia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany satria tsy hanameloka antsika intsony Andriamanitra fa hanatsara ary izay ny hahatongavan'ny Mpamonjy, lay mpanjakan'ny fiadanana. Izany ihany koa ny mahatonga an'i Masindahy Paoly. Tsy mba mananatra intsony izy, tsy mba mampirisika intsony izy na manome soso-kevitra fa baiko tanteraka no omeny amin'izao Alahady fahatelo fiaviana (Avent) izao : "Akaiky ny Tompo, ao aminao ny Tompo, mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo, mifalia ! " Aoka ho fantatry ny olona rehetra fa efa akaiky ny Tompo. Izay ry Kristianina havana no aoka tsy maintsy tsara ho fantatsika, ilay hafaliana entin’I Jesoa dia tsy ilay hafaliana atolotr’izao tontolo. Hafaliana mamitaka satria mandalo miserana ary matetika mitondra nenina sy fahakiviana fa ny hafalian’I Kristy maharitra mandrakizay izay ifampizarantsika rehefa tonga ny Noely "Joyeux Noël".
Ka inona àry ny hafalian'Andriamanitra ? Io hafaliana io no ambaran'i Joany izay nivelona an'izany, marina nihafy izy tany an'efitra niandry ny Tompo, ary izay ny amintsika ny tena dikan’ny hoe fibebahana, raha te-handray ny hafalian'ny Tompo isika fa tsy ny hafalian'izao tontolo izao. Namaly an'ireo nanontany azy inona ny ataonay i Joany ka nanao hoe :raha manana akanjo roa dia aoka hanome ny tsy manana ary raha manan-kanina aoka hanao toa izany koa. Izay hatrany no notadiaviny sy nambarany ho an'ireo zay nanodidina azy. Raha te- handray ny Tompo tokoa amin’izao andron'ny fahatongavana izao, ny taon-jobily fa mifampizara ny soa, mifampizara izay eo am-pelan-tànana amin'ny hafa mba hitoetra ao amin'ny hafalian'ny Tompo tokoa ary izay no mampibaribary ny fiovana eo amin'ny fiainana. Azontsika onogna tsara ry Kristianina Havana, ny antony anaovantsika izao Sinaody izao ary indrindra miatrika izao fijanonana faha-3 izao. Handray an’Andriamanitra bebe kokoa eo amin’ny fiainantsika andavanandro araky ny teny faneva “hampitraotra ny finoana sy ny fiainana”. Izay ny lalana mitondra amin’ny hafaliana satria miova ho tsara araka ny naharian’Andriamanitra antsika isika, izany hoe fifandraisana amin’ny zavaboary na miverina amin’ny laoniny torak’izany koa zary mpiray tampo isika noho ny Fihavanana nentin’I Kristy ka afaka mifanasoa sy mifampitsimbina, lavitra ny herisetra sy fanilikilihana.

Aiza ny lalana mitondra amin’izay fifandraisana vaovao izay takin’ny taon-jobily rahateo araka ny voalazan’ny Bokin’I Levitika 28 izay mamaritra ny fifandraisana vokatry ny fankalazana. Azo lazaina àry fa ireo torolalana ambaran’I Joany dia natao ho antsika tsirairay araka ny sokajim-piainantsika. Tsy misaraka amin’ny fahafoizana raha tiantsika hitondra amin’ny fifandraisana vaovao ny fivelomana ny fahamarinana lavitra ny fihatsaram-

belatsihy. Voatanisa eto ny tsirairay :ny poblikana izay mpamory hetra tsy marina dia nilazan'i Joany hoe : " Aoka ianareo tsy hampandoa mihoatra an'izay nasaina anareo", izany hoe aoka hitoetra eo anivontsika ny fahamarinana, izay tokoa ny mampibaribary fa ao anatin'ny jobilin'ny famindrampo isika, hampanjaka ny rariny, hampanjaka ny hitsiny, hampanjaka ny fahamarinana.
Ary ho an'ireo miaramila izay nanontany hoe inona no mba ataonay ?dia hoy i Joany : Halaviro ny herisetra. Ho antsika rehetra izany fa tsy ho an'ny miaramila fotsiny. Halaviro ny herisetra amin'ny faritra maro eto amin'ity tanindrazantsika ity, indrindra eto amin'ny tànanan'ny Diégo : Aoka hampitsahatra ny herisetra isika fa hifampizara kosa ny fampihavanana ary izay ny vokatry ny famindrampon'Andriamanitra raha mivelona ny famindrampon'Andriamanitra tokoa isika. Aoka mba tsy hanao an-keriny, tsy hampihorohoro, aoka tsy ho hisy ny fampatahorana, aoka hanaja ny fahamarinana isika ary dia izay ny fiomanana tsara indrindra ka hitondra atsika antsika amin'ny tena hafaliana, hitondra antsika amin'ny tena fiadanana. Hitantsika àry ry Kristianina havana fa ny Noely izay ankalazaintsika dia miankina be dia be amin'ny fiainantsika ary indrindra indrindra ny firosoana lalindalina kokoa amin’ny fandalinana amin’izao Sinaody fijanonana faha-3. Tsy atao an-kandrina fa zary fiainana araky ny takin’ny Taon-jobily. Hamakivaky an'ity taona ity isika, ary efa atolotr'Andriamanitra amintsika amin'izao Alahady fahatelo izao tamin'ny vakiteny ny tanjona : Mifalia hoy i Masindahy Paoly, tsy soso-kevitra fa tena baiko tokoa no nataony, mifalia ! Hifaly isika, raha hahay hifampizara, hahay hampanjaka ny fahamarinana, ny rariny sy ny hitsiny, hanalavitra ireo herisetra sy horohoro dia hanjaka amintsika tokoa ny fiadanana.

Ry Jesoa Tomponay ô, manambara aminay ireo tenin'Andriamanitra ny amin’ny tena fiomanana tsara indrindra, ny tanjona dia ny hafaliana, ny fiadanana. Ianao tokoa no hafalianay, Ianao tokoa no fiadananay, ary Ianao no Fihavanana manasitrana an’izao tontolo izao izay tena maratra tokoa, koa enga anie izao fiomananay izao hanampy anay bebe kokoa hahita ny tena endrikao amin'ny zava-misy eo amin'ny fiainanay, ka izay vato misakana eo aminay sy eo amin'ny manodidina anay tsy hahafahanay miroso amin'izay tena hafaliana izay anie hoesorinay tokoa amin'izao ka mba ho fo vaovao no entinay hankalaza ny Noely fa indrindra amin'izao taon-jobily izao araka ny famaritana azy ka hanjaka amin'izay ny tena hafaliana, hanjaka amin'izay ny tena fiadanana, ho sambatra finaritra izahay mianakavy hivelona ho anisan'oloraikinao, ho fianakavianao tokoa. Amen

MomperaArseveka Mgr Benjamin Ramaroson